QG an-dRajoelina
# Maro ireo tsy voaloa ny hofany 3


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 15 desambra 2018 Laharana 851 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**III Jaona: 11** 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 93), 12 desambra 2018

Faminanian'i Nenilava 2
# Hitondra indray i Dada N°25




Ny Valosoa sy fakafaka 2
# Zava-doza ny mifidy Rajoelina



MORONDAVA 3
## Mpomba ny kandidà Ravalomanana nisy nidaroka indray koa



Mpitandro filaminana sandoka 6
## Manendaka sy misava poketran'olona

Neny sy Dada N°25 2
## Mitsinjo hatrany ireo mponina eny amin'ny faritra iva

Fikambanana Samaritana 2
## Mamaky bantsilana ireo endrika tsy fahamarinana natao sy kasaina hatao

**Daka kely**
Dia efa homany ny toerana hodiana ry Boaikely aorian'ny alarobia a !

Boriboritany faha-2 2
## Toeram-panasan-damba miisa 3 natolotry ny depiote Rastany sy ny CM Sedera



### FAMINANIAN'I NENILAVA

## Hitondra indray i Dada N°25

Araka ny faminanian'i Nenilava na Volahavana Germaine, hiakatra eo amin'ny fitondrana, ka hitondra ny vahoaka Malagasy rehetra tsy ankanavaka indray ny Filoha Marc Ravalomanana. Tamin'ny 14 aogositra 1973 tao ambanivohitr'i Manakara no nilazan'ny vehivavy lehibe iray manana ny lazany eto Madagasikara dia tsy iza izany fa i Nenilava, izao teny izao raha vao vita kely ny raharaha tamin' ny taona 1972. « Mbola ho avy ny fotoana hampatanjaka ny firenena Malagasy. Aorian'ny taona 2000 dia hisy lehilahy tambanivohitra ho tonga Filoham-pirenena. 7 taona no hitondrany ary ao aorian'izay izy dia hiala eo amin'ny fitondrana. Hiala tsy honina eto Madagasikara izy mandritra ny 3 taona in-2, any amin'izay hitoerany no hizahan'I Jesosy toetra azy. Aorian'izay dia hitoetra 3 taona eto Madagasikara izy ary ahita ny fahorian'ny oloko. Ho mafy ny fizahan-toetra azy satria hisy olona hiteny zavatra mihoa-pampana momba azy. Rehefa tapitra ny 3 taona in-3 dia hiverina eo amin'ny fitondrana ilay tambanivohi-dahy ary hanomboka hiadana ny tany, hifankatia ny Malagasy ary handroso sy hiaina ny fahamarinana ny olona. Ho avy izany andro izany". Mbola maro ireo olona nandre izany velona, miandry isika. Raha io faminaniana io dia amin' ity taona 2018 ity no hiverina eo amin'ny fitondrana indray i Dada N°25. Mivavaka isika hahatanteraka izany satria tany masina sy mahavariana itoeran'ny zavamahagaga samy hafa ity Madagasikara ity.

***Isambilo***

### Neny Lalao Ravalomanana sy Dada N°25

## Mitsinjo hatrany ireo mponina eny amin'ny faritra iva

Toerana maromaro eny amin'ny faritra iva eto Antananarivo Renivohitra, no notsidihan'ny solontena manokanan'i Neny Lalao Ravalomanana omaly, ka nitondrany fanampianana ho an'ny mponina tamin' ireo faritra ireo. Ireo mpanasa lamba ao Ambodin' Isotry sy Antohomadinika ary 67 ha avaratra iny no nahazo ny anjarany, ka Seau, koveta ary savony fanasana lamba no natolotra azy ireo tamin'izany, izao no natao dia anamaivanana azy ireo eo ampanatontosany ny asany. Nandritra izany ihany koa no nanaovana fanentanana mba hifidianana ny kandida laharana faha 25 Marc Ravalomanana sy fanazavana hatrany ny Manifesto izay misy ny praograman'asany, programa tena hitondra fampandrosoana ny firenena. Hojerena ihany koa ny fanarenana ny toerampanasan-damba etsy Isotry izay simba hoy hatrany ny irak'i Neny Lalao Ravalomanana dia ny Filohan'ny Filan-kevitry ny tanànan' Antananarivo Kolonely Faustin Andriambahoaka.

***Isambilo***

### Boriboritany faha-2

## Toeram-panasan-damba miisa 3 natolotry ny depiote Rastany sy ny CM Sedera

Natolotry ny depiote Rastany sy ny mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo(CM) Sedera ao amin'ny boriboritany faha 2, tamin'ireo mpanasa lamba, ny toerampanasandamba sy fidiovana miisa 3 nohavaozina (bassin lavoir) : tao Manakambahiny dia tao Ambatomaro, Ankerakely ary Ambohipotsy Amparihy, ao anatin'ity boriborintany faha 2 ity. Raha ny hita teo aloha dia nampijaly ireo mpampiasa azy ireo toerampanasandamba ireo, noho izany, velom-pisaorana ny kandida N°25 Marc Ravalomanana ireo mponina tamin'ny nanirahany ireo mpiaramiasa aminy dia ny depiote voafidy tao amin'ny boriboritany faha 2, Randrianarisoa Stanislas na Rastany sy ny mpanolotsaina ny tanàna (CM) Sedera, hanamboatra ny toeram-panasàn'izy ireo lamba. Hita amin'izao hoy ireo mponina ao antoerana fa mitsinjo ny madinika tokoa i Dada, ka izay tena mahasoa no omeny anay. Tsy nofinofy fa zavatra azo tsapain-tanana ny programan'asan'ny kandida N°25 hoy ny depiote Rastany raha nandray fitenenana izy. Asa miantraika amin'ny vahoaka mivantana no imasoany fa tsy manao fampanantenana poakaty toy ny nataon'ireo mpandoro sy mpandrodana. Ny CM Sedera indray dia nanamafy fa tokana ny vahaolana, tsy misy hafatsy Dada ihany, ka aza mety ho fitahina amin'ny mena miraviravy ianareo. Ankoatra ny tetibidin'ny fanamboarana natao izay nitentina 1 400 000 ariary dia nanolotra savony sy tablier ho an'ireo mpanasa lamba izy ireo tamin'izany.



*Ny depiote Rastany sy ny CM Sedera teny Manakambahiny.*

***Helisoa***

### Fikambanana Samaritana

## Mamaky bantsilana ireo endrika tsy fahamarinana natao sy kasaina hatao

Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Ankadivato omaly ny fikambanana Samaritana, na Sahy Marina Tia Tanindrazana, mikasika ny zotram-pifidianana izay nanapotseran'izy ireo ny zavatra tsy mety nandritra ny fifidianana fihodinana voalohany ka isintonan'izy ireo ny sain'ny tompon'andraikitra ara-panjakàna sy ny CENI, izay rafitra mikarakara ny fifidianana. Ny hetsika Samaritana araka ny nanambaràn'ny filohany azy dia ny mpitandrina Randriamisata Roger, teo alohan'ny naha- mpanohana azy ireo ny kandida N°25 dia olom-pirenena mandray andraikitra mba hanjakàn'ny fahamarinana ary mitandro tahaka ny anakandriamaso izany fahamarinana izany. Noho izany dia raisinay ho adidy ho an'ny tanindrazana hoy izy ny mamaky bantsikana ireo endrika tsy fahamarinana natao sy kasaina hatao mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana. Misy ny porofo hoy ny fanambaràny ary misy ny natao imasom-bahoaka mihintsy : teo ny fampiasàna Specimen ahazoana bileta mbola tsy nampiasaina mba havadika ho biletà voamarina X mialoha, ny finiavana tsy hizara kara-pifidianana, misy olomboafidy manohana kandida mandeha manangona ireny isam-pokontany, koa atao inona ireny ? ny fanaovana opération fizaràna karapanondro sandoka ahazoana mifidy imbetsaka. Mandritra ny fanisambato dia marobe ny zavatra mampanahy : jiro mitsilopilopy, fandefasana olona sy ankizy tsy ampy taona mihorakoraka mba handisoana ny vokatra sns … Mandritra ny fampielezan-kevitra indray dia misy ny fandratràna ny mpomba ny kandida N°25 toy ny niseho teny amin'ny boriborintany faha 5, Morondava. Noho izany, hamafisinay hoy ny mpitandrina Randriamisata Roger fa ny fifidianana madio sy milamina ihany no hisian'ny tombontsoa ho an'ny vahoaka Malagasy. Koa manao antso avo izahay hoy izy ny hanajàn'ny kandida sy ny mpomba azy ny fahamarinana sy ny filaminana. Eo anilan'izany dia ambaranay Samaritana fa vonona handray andraikitra feno ny fikambanana izay efa mahenika ny faritra maro eto Madagasikara raha mbola mitohy ny fanitsakitsahana ny fahamarinana toy ny tamin'ny fihodinana voalohany hatramin' izao. Farany, manainga ireo tompon'andraikitra eto amin' ny firenena, indrindra ny Praiminisitra sy ny minisitry ny atitany mba hanaja hatrany ny teny efa nataony mba tsy hisian'ny fiandanian'ireo tompon'andraiki-panjakàna amin'ny kandida iray : sefo distrika, préfet, lehiben'ny faritra.

***Helisoa***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Zava-doza ny mifidy Rajoelina

Tandindonin-doza ny firenena raha sanatria ka Andry Rajoelina no hitondra ny firenena. Ny antony dia tsotra : olona lian'ady io, tsy mijery hafatsy ny tenany manokana. Olona tsy azo antoka fa tranon-dainga, no mpanao ronono an-tavy. Ny tetik'adiny dia tsy manao hafa- tsy mamafy lainga tsara lahatra, kobaka am-bava ary tsy manao raha tsy manenjika izay tsy mitovy hevitra aminy. Ireo heveriny fa hanakantsakana ny tombontsoany dia avy hatrany dia kapainy hatreny ifotony. Amboletra no hanatanterahany an'izany miaraka amin'ny herisetra sy fandrahonana na mivantana io na an-kolaka. Ohatra mitohaka amin'ny tendany ny hoe « tsy maintsy mandresy izy na inona midona na inon-kihàtra ». Izany hoe, rehefa tsy lany ny tenany dia tsy maintsy hitady hevitra izy ho filoham-pirenena. Efa diso fanantenana ny tenany tamin'ireny 1er tour dia tsy vita ireny na dia nanantena mafy aza satria efa nanaparitaka volabe nividianana ny mpifidy. Andry Rajoelina rahateo niolakolaka raha nanontanian'ny mpanao gazetin'ny TVM sy RNM raha hanaiky ny valim-pifidianana na tsia. Tsy novaliany nivantana rahateo izany. Zava-doza hoy isika raha sanatria izy no hitondra fa dia hivarilavo mihitsy ity firenentsika ity. Ireo tetik'asa heveriny hambaboana ny vahoaka rehetra ireo dia aoka ho tsorina fa fitaka be vava avokoa, fivarotana tanindrazana ary hanalana ny Malagasy amin'ny taniny. Tsy hoe fitiavana hanao fanakianana be fahatany fotsiny fa rediredin'ny mpanonofy no ambarany. Hevero fa iza no hahavita manorina trano 25 isan'andro raha mahakasika ny famoronana trano mora sy Building Mora no resahana ? Vola avy aiza koa moa no hanaovana an'izany ? Tsy nahitam-baliny avokoa ireo fa ny azo ambara dia vola nangalarina avy tamin'ny harem-pirenena naondrana tany Dubai sy Chine no ampiasainy amin'izay tiany hanaovana azy. Zava-doza ihany koa no hitranga eto fa vao mainka hitombo ny tsy fandriampahalemana, tsy hatory an-trano ny mponina any ambanivohitra vokatry ny fampihorohoroana sy ny asan-dahalo izay ireo ekipandRajoelina ihany no tompon'antoka. Ny fahasalamam-bahoaka tsy mandeha amin'izay izy fa rehefa tsy manam-bola, rehefa tsy TGV na MAPAR na tsy iray tarika aminy dia aza manantena fa hahazo fitsaboana sahaza eo. Mbola tena zava-doza ihany koa fa hanjaka ny fampisaraham-bazana ny samy Malagasy. VoizindRajoelina amin'ny fitetezam-paritra rehetra eny izay fambolena fankahalana sy fampiadiana ny samy Malagasy izay. Loza !!. Mahakasika ny fampianarana indray dia hitombo isa ireo ankizy tsy hiditra an-tsekoly fa tsy maintsy handoa vola vao afaka mampiana-janaka ny Ray amandreny. Raha toa tokoa mantsy ka tafiditra nianatra avokoa ny ankamaroan'ny zanaka Malagasy dia tsy hisy olona azony ambakaina intsony ka ho sarotra aminy ny hamitaka ny vahoaka amin'izay fotoana izay. Ny vary Mora foana no hanjonoana ny fon'ny vahoaka kanefa iarahamahita fa tsy haharitra aman-taonany, na amambolana ny hanaovany ireny, tahaka ny niainan'ny mponina nandritra ny Tetezamita teo ihany. Ho an'ny filoha Marc Ravalomanana anefa ny vola hoentina hampandrosoana ny firenena efa hita avokoa ary avy hatrany dia afaka miasa noho ny fahaizany mifampiraharaha amin'ireo mpiaramiombon'antoka. Io no maharesy lahatra ny mpifidy izay voarakitra ao anatin'ny Manifesto sy ny Map 2, mirakitra ny Vina sy paika entina hitantanana ny firenena, entina hampandrosoana an'i Madagasikara ao anatin'ny fotoana fohy. Ny an-dRajoelina kosa ny fahefana aloha, izay vao mangoron-karena, ka ny ambin'ny remby azony no hozaraina ho an'ny vahoaka Malagasy. Ny tena angadin-dRajoelina Andry izany dia ny fikarakarana lanonana sy rendrarendra tsy miantraika any anaty vilanin'ny vahoaka maro an'isa akory. Santionany ihany ireo fa mbola hamafisina hatrany fa Zava-doza raha sanatria ka i Andry Rajoelina no hitondra ny firenena mandritra ny 5 taona manaraka eo. Ny fanafodiny dia ny fahatongavantsika maro hifidy ary hifidy ny laharana 25, Marc Ravalomanana, satria mpanangana izy fa tsy mpandrava.

***Rajaonarimpanontsana***

## Ny Valosoa sy hadihady

# QG an-dRajoelina : maro ireo tsy voaloa ny hofany

Samy nanao antso tamin'ireo kandidà roalahy sy ny mpanohana azy avy, ireo andrim-panjakana, mba tsy hifampihantsy sy hifandranitra amin'izao fifaranan'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana izay ho filoham-pirenena fihodinana faharoa izao. Ny tsapa anefa dia arakaraky ny mampanakaiky ilay daty dia miha-mafimafy ny fifanandrinana ka miseho masoandro ny tsy fifanajàna, ny tsindry atao amin'ireo mpiasa eo ambany fifehezan'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny fizarana vola ho tambin'ny fampandaniana ny kandidà laharana faha-13, Rajoelina Andry. Araka izany dia ireo mpikambana ao amin'ny governemanta avy amin'ny Mapar, ao anatin'izany ny Praiminisitra, dia sady mandrahona no manambitamby satria misy foana ny trosa ara-moraly (dette morale) amin'izay nanendry ary eo ihany koa ny mety ho tahotra kely ny vahoaka satria ireo no miara-monina isan'andro, ka ho sahirana ihany hanarina izay adalana raha sanatria ka tsy lany eo ny kandidà nivarotan-tena, na nivarotana ny fanahy mihitsy. Tsy vitan'izany fa misy mihitsy ireo andian-jatovo karamaina hanakorontana ny mpanatrika ny fihaonan'ny kandidà Ravalomanana Marc amin'ny vahoaka any amin'ny faritra any. Tsy miomana hiatrika fifaninanana intsony ny kandidà Rajoelina Andry sy ny mpiaradia aminy fa efa mametraka ho fahavalo sy mihantsy ady amin'ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc sy ireo mpanohana azy. Tsy vitan'ny eny an-kianja ihany no hita taratra izany fa mibaribary amin'ny haino aman-jery sy gazety an-tsoratra izay mamafy lainga sy mandranitra fifankahalana sy fifandrafian'ny samy mpiray Tanindrazana; kanefa "ny fankahalana dia manetsika ady" hoy ny Soratra Masina. Araka izany dia mifanipaka amin'ny teny filamatra "ny fitiavana no lehibe indrindra" dradradradrain-dRajoelina Andry etsy sy eroa izany satria ny "fitiavana tsy manisy ratsy ny namana" ary "ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo", hoy ny Soratra Masina ihany. Raha ny "copie-coller" ataon-dRajoelina Andry amin'izay ataon-dRavalomanana Marc anefa dia midika fialonana. Porofon'izany ny tranga, vao ny omaly ny omaly, dia ilay mofo mamy nataon'ny tao amin'ny Diosezin'Ambositra ho fanamarihana ny fitsingerenan'ny andro nahaterahan'ity farany dia noho ny fialonana dia lasa nihazakazaka tany koa Rajoelina Andry nangataka mofo mamy. Rehefa mikabary koa Rajoelina Andry dia mieboebo ho mendrika ny safidin'ny Malagasy. Tsy ny maha tanora na ny fiheveran-tena ho tsara noho ny hafa no hifidianan'ny vahoaka, fa ny programan'asa aroson'ny kandidà ka mahasoa ny mponina tsy vakivolo eo amin'ny lafiny rehetra sy mampandroso ny Firenena eo amin'ny sehatra rehetra. Tamin'ny adihevitra mivantana ny alahady lasa teo dia tsy namaly ny fanontaniana napetraky ny mpanao gazety momba ny fanekena izay vokatra avoakan'ny HCC ny kandidà roa dia tsy namaly an'io Rajoelina Andry, ka efa mampanahy sahady izany. Tsara ho fantatra fa matoa ny olona iray mamaky ady dia mihevi-tena ho matanjaka, ara-batana (fampiasan-kery) sy arapitaovana (vola, fisehosehoana ivelany,…) fa malemy ara-tsaina (coquille vide) sady tsy ampy traikefa, ka tsy maharesy lahatra izay havoaky ny vava. Na izany na tsy izany, araka ny vaovao miely etsy sy eroa dia na ny hofan'ireo trano atao foiben'ny kandidà na QG Rajoelina Andry any amin'ny faritra any aza tsy voaloany intsony, izay midika fa tapaka izany ny famatsiana ara-bola satria manangasanga ny fahareseny, ka ho maizina ilay tanamasoandro ary ireo nantenaina hanohana aza efa miparitaka sy miala an-daharana tsikelikely noho ny fahatsapan'izy ireo fa mampanonofy fotsiny ihany ny kandidàn'izy ireo. Manampy trotraka ireo toe-javatra ireo ny fahitan'ny olona afaka mandinika ny tranga rehetra izay mirona any amin'ny barofo sy ny didin'ny besandry indray kanefa ny rehetra dia efa leo krizy ka tsy te-hiherika izany intsony. Tsy ho ela intsony ilay andro hametrahan'ny Malagasy ny ho aviny ao anatin'ny dimy taona indray, ka izay alehany na ho avy hiandrandra fiainana tsy misotro mangidy intsony na dimy taona hikorisana any anaty hady lalindalina kokoa noho ny tamin'ny folo taona lasa.

***Andry Tsiavalona***

Morondava

# Mpomba ny kandidà Ravalomanana nisy nidaroka indray koa

Mpomba ny kandidà Marc Ravalomanana, nisy nidaroka indray koa tany Morondava omaly vao maraina. Tena marary ny firenentsika, nisy nidaroka koa ny olona iray fantatra amin'ny anarana hoe Tonton Alawi, mpanohana ny kandidà filoha Marc Ravalomanana any Morondava. Mafy ny ratra nahazo azy, tokony ho tamin'ny 4 ora sy 30 min maraina no nisy nanafika izy, raha nikasa ho any Belo sur Mer. Ny K25 Morondava izay ahitana an'i Rivojaona Raherimihaja dia mirary fahasitranana ho azy ary mampahery ny mpanohana an' i Dada rehetra. Ao amin'ity mpitarika ny K25 any an-drenivohitra Menabe ity no mipetraka i Tonton Alawi hatramin'ny nahatongavany tany Morondava. I Rivojaona Raherimihaja dia mbola tsy tena salama tsara akory dia voa koa ity ny namany. Ao amin' ny hopitaly Namahora no itsaboana an'i Tonton Alawi amin'izao fotoana.

***Ny Valosoa***



*Tonton Alawi, tsaboina ao amin'ny hopitaly Namahora Morondava.*

Ray aman-drenin'ny mpianatra nitaraina

# Tsy namakian-dRajoelina loha tamin'ny tetezamita

Anisan'ny niharitra ny mafy ny ray aman-dreny manan-janaka mianatra tao anaty fotoanan'ny tetezamita nandritra ny dimy taona. Tsy araka ny fampanantenana manodoka tany am-piandohana nataon-dRajoelina sy ny forongony nitarihana vahoaka hanongam-panjakana ny zavanisy teo amin'ny fiainana andavanandro, fa tena niha-sarotra andro aman'alina. Anisan'ny nanampy ny PDS-n'Antananarivo renivohitra Edgard Razafindravahy tamin'ny fotoan'androny izy tamin' ny hevitra amin'ny fampiakarana ho Ar 400 ny saran-dalana. Nanaraka ho azy avokoa taorian' izany ny vidin-javatra rehetra, izany hoe nanasarotra ny fiainan'ny vahoaka Malagasy. Tsy nisy setrin'izany ho fanalefahana ny vidim-piainana anefa ny fitondrana tetezamita fa variana nanangon-karena fotsiny izy rehetra. Nihasarotra araka izany ny fomba fampidirana mpianatra ho an'ireo ray amandreny manan-janaka tsy maintsy ampidirina andakilasy. Nisy araka izany ary fotoana, tsy nahatanty sy tsy nahazaka ny olam-piainana ireo ray aman-dreny maro ka nanao hetsika teny anoloan'ny kianjan'Ambohijatovo. Nitaraina fatratra izy ireo fa tsy vita intsony ity fampidirana mampiana-janaka ity fa mba mila vahaolana avy amin'ny fitondrana tetezamitan-dRajoelina. Indrisy anefa fa tsy namakiana loha akory izy ireo fa navela nidradradradra irery teo tsy nisy niraharaha. Rajoelina sy ny ekipany rahateo tena nanavakavaka mihitsy sy nanilikilika olona na vondron'olona izay tsy nanohana azy sy indrindra tsy nitovy hevitra tamin'izy ireo. Olona toy izany ve azo heverina ho mbola hitondra firenena? "Izay mahatoky amin'ny kely no mahatoky koa amin' ny be", ary tsy izy velively no hanampy ny ray aman-dreny amin'io seha-pampianarana io, fa sao dia hisy ray amandreny diso hevitra.

***Sôh'son***

## NY TENY FIAINANA

*I Tesaloniana 5:17*

*Mivavaha, ka aza mitsahatra.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Dada milanja angady, halain-dRajoelina tahaka indray izao



**Arp Helisoa :** Dada milanja angady, halain-dRajoelina tahaka indray izao.

**Tsanta Andy :** ka ny soa fianatsa eeee sa tsy marin zan? Hihihiiiii!

**Titi Nah :** ity Rajoelina ity no tena mpanao copie-coller. Ram Fidi : hita wa, tena zaza mora mandray lesona Rajoelina, alefa Dada a !

**Sahondra Hanitra Andrianasolo :** Kkkk hitady angady ndray I Domelina izao.

**Rajaobelina Jocelyn :** tonga de.papa noel.milanja angady.miloloha salohimbary no hitranga de manao grand ecart ny tongotra iray any am trano building.ny tongotra iray manitsaka tain' omby. Hihihiiii!

**George Rabetiana :** Kkkk tena hitady angady marina indray tokoa izao ny filohan'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina.

**Jeannot Randrianjanahary :** OK 25 !

**Nirina Lanto :** ka ts ho voapoukan angady daol ve ny ao arinan 13 rah mtondr an io iz, satri tanavo , d mierikerk fa tsy hain oe sao handona ol ao arina. d rehf mangady koa d atsipy any amin'ny mpanatrika le tany no atsipy, tena loooozzza. HAFA IHANY OA 25 E- JÈM & JADORE 25 E !

**Mami Rani :** ka i 13 ef zatra mangala-tahaka hatrany ampianarana fanga izan afaka aminy intson zay anie le ataon'ny vahiny oe " PUTSCHISTE sans QUALITE" e nga izan afaka aminy intson sa ahoana ? hihihiiii!

## TONONKALO

## Indro tonga ny fotoana

Indro tonga ny fotoana ka mifanolora tanana,
Ry vahoaka malagasy mpankamamy fivoarana.
`Ndeha tapaho ny hevitrao ka dia fidio RAVALOMANANA,
Mba hitondra antsika indray ho amin`ny lalam-pahasambarana.

Indro tonga ny fotoana , hamafiso indray ny vavaka.
Aza kivy , mahereza , izao no ora sarobidy.
Idifio ilay jiolahy mitady hitondra ho any an-davaka,
Fa ny antsika dia i DADA no hany tokana safidy.

Indro tonga ny fotoana , ny mihemotra fadio.
Andeha tohero ny mpandrava , izay no teny ifanentanana.
Ry vahoaka malagasy , androntsika ny andro anio,
Toy izany koa ny ampitso ka fidio RAVALOMANANA.

Indro tonga ny fotoana , ny fotoana volamena,
Ho fanafahana tanteraka an`i Madagasikara.
Tena miankina aminao ny hahazoana fandresena,
Koa fidio RAVALOMANANA , dia ilay safidy tsara.

Indro tonga ny fotoana izay hotadidiana anarana,
Ka hanaovana safidy ngeza sady makadiry,
Ry vahoaka Malagasy mpankamamy fivoarana,
DADA ihany no antsika n`iza te hiziriziry !

***SEDERA RAVALISON (14-12-18)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny kandida N° 25 Marc Ravalomanana tany Morarano Chrome, Imerimandroso, Tanambe, Vohipeno.









Ramora Favori manohana ny kandida N° 25 Marc Ravalomanana.

**FANJAKANA SY FIANGONANA**

# Zava-dehibe amin'ny fampandrosoam-pirenena ny fiaraha-miasany

Ny lalampanorenana eto amin'ny firenena nolaniana tamin'ny taona 2010, dia mametraka mazava tsara ny amin'ny fanamafisana fa ny vahoaka Malagasy mino an'Andriamanitra. Tsy midika ho manohintohina ny laïsitin'ny fanjakana akory izany, ary tsy milaza ihany koa ny fidiran'ny fiangonana lalina ao anaty fitantanam-pirenena. Tsy maintsy misy anefa na izany aza ny fiaraha-miasan'ny fiangonana sy ny fanjakana fa anisan'ny antoka iray lehibe amin'ny fampandrosoana ny firenena izany. Samy mitovy ny asa sahanin'ny roa tonta, fa ny tombony iavahany ny lafiny ara-panahy iandreketan'ny fiangonana. Izy ireo dia samy manao ny asa fanabeazana sy fitaizana, ny asa sosialy samihafa (ara-tsakafo, fitafiana,), asa fampandrosoana amin'ny endriny isan-karazany. Mitovy ny tanjona ao anatin'izany dia ny fanasoavana ny mpiray tanindrazana. Tsy misy afaka hihambo ho hahavita samirery izany sahan'asa izany, fa tsy maintsy miara-mientana, ary "miasa-miaraka no fahombiazana". Adidy masina atao eto amin'ny firenena izany ary tena fotoana izao ho amin'ny fifanomezan-tanana. Mila miara-miasa ihany koa ny fanjakana sy ny fiangonana, fa io no nahatafavoaka sy nampandroso an'i Rwanda izay firenena anisan'ny filamatra aty Afrika ankehitriny.

Raha ho an'ny fiangonana katolika manokana no resahina dia maro ireo sahan'asa sosialy tanterahiny eo anivompiaraha-monina sy manerana ny Nosy nandritra ny taona maro, iaraha-mahalala izany. Sehatra maro samihafa ara-tsosialy no iadidiany toy ny ara-pahasalamana, ara-tsakafo, ara-panabeazana, ny fanomezan-danja ny fianakaviana, sns... Manana ny maha izy azy ihany koa ireo sekoliny izay efa namoaka olo-manga maro ho an'ny firenena. Ny tompon'andraikitra amin'ny foibe fitondrantsekoliny rahateo dia tena sarotiny tokoa amin' ity seha-panabeazana sy fampianarana ity. Tsy vitan-drery ihany koa anefa ny asa-fanabeazana fa ilàna fanohanana avy amin'ny fanjakana. Ny iray amin'ireo kandidà mirotsaka ho fidiana filoham-pirenena ankehitriny, dia ny kandidà Marc Ravalomanana N°25 dia tena manome lanja izany lafiny fanabeazana sy fampianarana izany. Ao amin'ny fandahara'asany, izay efa hatramin'ny ela, ny fanampiana ny mpianatra, ny ray aman-dreny, ary tsy adinony mazava loatra ireo sekoly miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, ao anatin'izay ny sekolimpinoana. Tsy manavaka izy, fa ho azy ny zava-dehibe sy ny tanjona dia ny hahatsara ny hoavin'ny taranaka fara aman-dimby sy ny fandrosoan'ny firenena.

***Radafy***



*Kardinaly Tsarahazana sy Ravalomanana Marc.*



III Jaona: 11

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 93), 12 desambra 2018

***III Jaona: 11 "Ry malala, aza ny ratsy no alain-tahaka fa ny tsara. Izay manao ny tsara no avy AMIKO JEHOVAH, fa izay manao ny ratsy tsy hahita AHY JEHOVAH na oviana na oviana."*** Ry mpanara-dia an'i JESOSY izao no tsarovy: ny antony nandraisanareo an'i JESOSY sy anarahanareo izao FANEKENA VAOVAO izao dia FAHAMARINANA ireo, FANAVAOZANA, FAMONJENA, FAHAMASINANA, FAHEREZANA indrindra FITIAVANA. Ny zavatra tsy fantatrareo dia ity: maro sady betsaka no tsy voasoratra ao anaty Baiboly nohon'ny fanenjehana, famonoana, fanagadrana ireo mpanara-dia an'i JESOSY sy izay nanaiky ny fampianarana nampitondraina AZY hanavaozana izay novana, hamonjena ny olona amin'ny fahotana, hanamarinana ny TENY FIKASANA mba ho masina hianareo amin'ny FITIAVANA, mba hitomboanareo amin'ny finoana sy hananananareo fanantenana ny amin'ny FARANY. **Ny tsy fahalalana dia miteraka tsy fandehanana amin'ny marina ary manjary misy fisalasalana tsy ahafahana mandroso**. Mahagaga AHY JEHOVAH hianareo sady olona noforoniko, izay ambaran'olona toa anareo dia ekenareo sy ankatoavinareo fa izay fampianarana lazaiko dia iadianareo hevitra. Izao no tiako hambara aminareo olombelona: ny Apostoly koa dia natao Batisa. Iza no nanao Batisa azy ireo? JESOSY no nanao Batisa ny Apostoly. Iza avy moa izy ireo? 12 ny isany, ***Matio 10: 2 -4*** *"Ary izao no anaran'ny Apostoly roa ambin'ny folo lahy: Ny voalohany, Simona, izay atao hoe Petera, dia Andrea rahalahiny; Jakoba, zanak'i Zebedio, sy Jaona rahalahiny; Filipo sy Bartolomeo; Tomasy sy Matio mpamory hetra; Jakoba, zanak'i Alfeo, sy Tadeo; Simona Kananeana ary Jodasy Iskariota, ilay namadika Azy."* Talohan'ny nanirahan'i JESOSY azy ireo no nanatanterahana ny Batisa dimy. Tsy nisy famantarana sy fahagagana raha tsy vita Batisa izy ireo. Vakio ny Filazantsara efatra : Matio, Marka, Lioka, Jaona. JESOSY nampianatra ny Apostoly lalàna sy fitsipika maro eny na dia ny Batisa aza. Samy nanao Batisa na i JAONA Mpanao Batisa na i JESOSY sady samy nanao Batisa ny mpianatra satria ireo dia nanaiky fampianarana. ***Jaona 3: 22-24*** *"Rehefa afaka izany, dia tonga tany amin'ny tany Jodia Jesosy sy ny mpianany; ary niara-nitoetra taminy tao Izy sady nanao batisa. Ary Jaona koa nanao batisa tao Ainona, akaikin'i Saleima, satria nisy loharano maro tao; dia nankany ny olona ka nataony batisa. Fa tsy mbola natao tao an-tranomaizina Jaona."* Ary aza hadinonanareo koa izao: ny Apostoly rehefa natao Batisan'ny Rano dia toy izao ny famantarana sy fahagagana. Andro iray no nanaovan'i JESOSY Batisa azy rehetra ireo. Tonga dia nilatsaka tamin'izy ireo ny AFO, lel'AFO toy izao :

Misy dikany io sary io, lel'afo telo, lel'afo voalohany = Fanahy Masina, lel'afo faharoa = Batisan'ny Fanahy Masina, lel'afo fahatelo = Asa Lehibe isan-karazany, famantarana, fahagagana, vavolombelona hatrany amin'ny faran'ny tany mahenika izao tontolo izao, ary hatramin'ny farany. Mba hahatonga izany ASA Lehibe izany hitohy dia miasa mafy ny Apostoly. Teo amin'ny fotoana nanaovan'I JESOSY BATISA ny Apostoly dia nanafatra azy ireo IZY sady efa niteny ny ASA hataony JESOSY izay hiaretan'izy ireo, teo koa ny andraikitr'izy ireo tsirairay avy, ny fisamborana sy ny sedra isan-karazany. Tamin'izany fotoana izany koa no nizaran'I JESOSY tamin'izy ireo ny karazana fanomezam-pahasoavana ho entiny hanao ny ASA nanirahana an'I JESOSY. Ny asan'ireo Apostoly moa dia niray saina nivavaka sy nitory an'I JESOSY mandrakariva ary nampianatra teny an-kianja satria rehefa nitory izy ireo dia dimy arivo no indray nino sy nanaiky fa JESOSY tokoa no Mpamonjy sy Mpanjaka. Vakio ny Asan'ny Apostoly manontolo. Ka raha izany ny ASA sy fanenjehana mafy nanjo ny Apostoly dia ny mba hahatanteraka ny Teny sy ny Hafatra tsy misy anombinana na soratra na ASA dia tokony arahina an-tsakany sy an-davany. Fantatro JEHOVAH fa maro aminareo no sosotra, sorena, tezitra mihitsy aza fa izao e! IZAHO JEHOVAH tsy manao fampisaraham-bazana ny mponin'ny tany fa izany indrindra izao FAMPIRAISANA izao. TOKANA ny lalana, TOKANA ny lalàna, TOKANA ny Fanjakana, TOKANA ny fanompoana, TOKANA ny fampianarana ary TOKANA ny fitsarana. TOKANA ny MPAMORONA= JEHOVAH no ANARAKO. Izao no fotoana amerenako amin'ny laoniny ny zavatra rehetra. Koa ny Teny, ***Matio 11: 12-13*** *"Ary hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan'ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-keriny. Fa ny mpaminany rehetra sy ny lalàna dia naminany hatramin'i Jaona"*. Nisy fotoana ny mpaminany tsy navela hiteny sy hanambara arak'izay anirahana azy ireny fa hatramin'ny andron'I JAONA Mpanao Batisa dia rombahina ny Fanjakan'ny Lanitra. Izany hoe nanomboka tamin'ny nanirahana an'I JAONA dia mihazakazaka ny olona manatanteraka ilay Batisa dimy, maka azy an-keriny = tsy maintsy manao fa te-hiditra ao amin'Ilay FANJAKAKO JEHOVAH. Izany hoe misisika mihitsy fa tsy mihazohazo na misalasala; Fantatrareo ve? Talohan'ny nivoahan'ny Zanak'Israely hiala tao Egypta dia nitandrina ny Paska izy ireo satria mba hahafahany ao amin'ny fanandevozan'ny Egyptiana. PASKA= didy sy lalàna ary lalana hiampitana ho amin'ny fiainana vaovao tamin'ny testamenta teo aloha, ***Eksodosy 12: 46-49*** *"Ao an-trano iray no hihinanana azy; tsy hamoahanao eny ala-trano akory ny hena, ary tsy hisy hotapahinareo ny taolany na dia iray aza. Ny fiangonana, dia ny Isiraely rehetra, hitandrina izany. Ary raha misy mivahiny eo aminao ka mba te-hitandrina ny Paskan'i Jehovah, dia aoka hoforana ny lehilahy rehetra eo aminy vao manatona hitandrina izany, ka ho tahaka ny tompon-tany ihany izy; fa ny tsy voafora rehetra kosa dia tsy mahazo mihinana izany. Lalàna iray no ho amin'ny tompon-tany sy ny vahiny izay mitoetra eo aminareo."*. PASKA = Famonjena. Ankehitriny dia vonjena indray hianareo amin'ny alalan'I JESOSY izay PASKA fanekena vaovao. Izao izany no fotoana fanangonana ny maro mba hovonjena. Na dia JESOSY aza anie dia hoy IZY, tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony AHO mandra-pihavin'ny fotoana hiarahako misotro amin'ireo izay vaovao tonga ao amin'ny Fanjakan'I JEHOVAH (Fanjakan'ny Lanitra), ***Marka 14: 25***.

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

TAFATAFA

Raniry any Mahajanga

# Tandremo fa mandady ny trambo amin'ny ataon-dRajoelina

Tandremo fa mandady ny trambo, samia mailo tanteraka amin'ny ataon-dRajoelina sy ny forongony, hoy Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga. Amin'izao fotoana faramparany hirosoana amin'ny fiatrehana ny fihodinana faharoa izao dia samia mampitombo ny fahamailoana sy ny fitandremanana fatratra. Fantatra mantsy izao, araka ny resaka mandeha etsy sy eroa, fa misy maka ireo kara-pifidianana tsy nisy mpaka tao amin'ny biraom-pokontany dia hanamboarana kara-panondro, ka hampifidianana olon-kafa. Tandremo! Samia mailo isika rehetra. Aoka hanara-maso tsara izay zava-miseho mandritra ny fotoam-pandatsaham-bato isika rehetra. Raha vao mahita olona manao andiany maro miara-mirohotra sy mirodorodo isika dia aoka hanara-maso sy hanadihady tsara. Jereo tsara ny kara-panondrony, iza no nanao sonia azy ary oviana sy taiza no nanamboarana azy? Aoka ho mailo tanteraka isika raha vao mahita karapanondro vaovao be fa sao mba isan'ireo kara-panondro sandoka sy sadasada entina mba hampifidianana olon-kafa fotsiny. Toraka izany ihany koa, raha vao mahatsikaritra olona kaodikaody sy mailomailo isika dia aoka ho mailo ihany koa eo anatrehan'izany. Araho maso tsara ny zava-miseho rehetra e! Tsiahivina ihany fa ny olona voasoratra ao anaty lisi-pifidianana ao amin'ilay biraom-pandatsaham-bato ahitana tsy fetezana ihany no afaka mitory sy mametraka fitarainana. Tsy maintsy tandremana fatratra izany mba hampanan-kery ny fitoriana hapetraka. Ampiasao ny fitaovana manaraka ny teknôlôjia rehetra mba hanaporofoana ireo tsy fetezana na tsy fanjariana hita. Ataovy matotra tsara ny porofo mba hanohanana ny fitoriana atao. SAHIA SY SAMIA MIJORO FA NY MARINA MITAVOZAVOZA, HONO, TSY MAHALEO NY LAINGA TSARA LAHATRA. Miantso ny mpitandro ny filaminana koa mba handray ny andraikiny "HO AN'NY TANINDRAZANA". Re koa mantsy izao fa misy mikasa ny hanakorontana ireo olona sasany raha vao tsy mitarika ny kandidà izay tohanany. Atao izany mba hanafoanana ny voka-pifidianana tao amin'ilay biraom-pifidianana tsy nahazoany fandresena. Aoka tsy hisy hiala mihitsy isika raha toa ka mba azo atao ihany, indrindra amin'ilay antoandro be mahavalaka sy mahavitsy ny olona mivezivezy iny, INDRINDRA MANDRITRA NY FOTOANA FANISAM-BATO. Amin'iny mantsy no fotoana hanararaotan'ny sasany hanaovana ny asa ratsiny.

***Nangonin'Isambilo***

SRAT Vakinankaratra

# Niarahana tamin'ny mpitao-raha "Mbola" ny fandrafetana azy

Notanterahina tao Vakinankaratra ny fivoriana fandrafetana ny SRAT na ny "Schema Régional d'Aménagement du Teritoire". Ny 86,40% famokarana eto Vakinankaratra dia ao anatin'ny sehatra fototra na ny "secteur Primaires". Mbola voamarina araka izany fa manodidina ny 85% ny mponina dia misehatra ao anatin'ny fambolena sy fiompiana. Fantatra ireo salanisa ireo nandritra ny atrikasa ho fankatoavana ny fahavitan'ny dingana voalohany amin'ny famolavolana ny drafim-panajariana an'ny Faritra Vakinankaratra izay nataon'ny "Cabinet d'études "Mbola". Ny Faritra Vakinanakaratra ankehitriny no faritra faha 11 manerana ny Nosy miroso amin'ny famolavolana ity SRAT "Schema Régional d'Amenagement du Teritoire" Zava-dehibe ny fananan'ny faritra ity "Kasinga" ity mba ahafahany miomana amin'ny fivoaran'ny faritra ao anatin'ny 20 taona ho avy. Araka ny nambaran' Andriamatoa Rabe Harimanana (tale miadidy ny tanan-dehibe sy ny Drafi-panajariana eo anivon'ny Ministeran'ny fanajariana ny tany) Misy dingana 3 ny fandrafetana ny SRAT ary mitetibidy manodidina ny 200 tapitrisa ariary ny fandrafetana azy. Ny dingana voalohany dia ny fahavitan'ny ATLAS Regional, ity noentin'ny Cabinet Mbola ity. Fanadihadiana lalina momban'ny Faritra teto no vita. Ny azo hamintinana azy dia ny voly katsaka no isany mampidi-bola betsaka amin'ny tantsaha. ny fambolem-bary dia ny 14,12 % isanjaton'ny vokatra manerana ny Nosy dia mivoaka eto Vakinankaratra izany hoe manodidina ny 480.216 T isan-taona . Ny ovy izay mampalaza ara-toekarena ny faritra dia 150.088 taonina isan-taona no vokatra avy eto ary mitana ny 66 isanjaton'ny vokatra manerana ny Nosy. Ny mahakasika ny ronono kosa indray dia 80 isanjaton'ny ronono vokatra manerana ny Nosy dia an'i Vakinankaratra, mahatratra 24.383.401 litatra isan-taona no azo amina Omby vavy miisa 37 000, ary 12 000 no Mpiompy matihanina miasa ao amin'ny sehatra io. Novelabelarin'ny Cabinet Mbola teto ny vokam-panadihadiana vitany ara-toekarena,eo amin'ny sehatry ny fananan-tany ary ny ara-tsosialy ny fotodrafitrasa sy ny maro hafa.

***Solohery***

K25
COORDINATION GÉNÉRALE DE LA CAMPAGNE DE
MARC RAVALOMANANA

FANAMBARANA

Miparitaka eran'ny tanana tato ato ireo trakta, ireo gazety ary ireo afisy feno fihantsiana entina handotoana ny kandida numero 25 Marc Ravalomanana. Manameloka tanteraka ny teti-dratsy ny K25.

Manainga ny rehetra hiara-hientana amin'ny famongorona ireo olona manaparitaka izany ka haka sary sy hanangona ny vaovao momba azy ary hanatitra izany amin'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny foibe KMMR Ampandrana-Bel'air.

Efa misy ny fepetra noraisina manoloana ny toetra feno fanakorontanana tahaka izao.

Mila fitoniana ny vahoaka ahafahany manefa ny adidiny am-pilaminana ny 19 desambra ho avy izao.

Mpanangana isika fa tsy mpandrava !

Ny serasera K25

MPAMONJY VOINA CUA

## Nanala vatobe mitady hampidi-doza teny Ambatovinaky

Tonga teny Ambatovinaky Boriboritany voalohany ireo ekipan'ny Mpamonjy Voinan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), avy ao Tsaralàna sy ny BNGRC tamin'ity herinandro ity, mba hanala ilay vatobe izay mitatao, ka mety hitera-doza, ho an'ireo mponina izay mipetraka eo amin'ny manodidina. Tsara marihina fa taorian'ny fitarainana izay nataon'ny mponina dia nisy ny fandinihana sy fanadihadiana izay nataon'ireo manam-pahaizana manokana talohan' ny firosoana tamin'ny fanapahan-kevitra ny hanala ny vato. Raha araka ny nambaran'ireo mpamonjy voina teny an-toerana dia tsy vita iray andro ny fanalana ity vatobe izay milanja manodidina ny 15 taonina ity, kanefa na dia eo aza izany dia efa voafehy tanteraka ny toedraharaha ka tsy misy ny tokony hatahorana. Araka izany dia manentana hatrany ny mponina ny Sampana Mpamonjy Voina eto an-dRenivohitra mba samy ho mailo hatrany ary hampandre tsy am-pisalasalana azy ireo, raha sanatria ka misy ny tranga mety hampiahiahy hitera-doza. Amin'izao fotoam-pahavaratra izao mantsy dia ahiana mety hihotsaka ireo vatobe sy tany rehefa tratry ny orana sy ny hain'andro matetika.



*Ilay vatobe ahiana hitera-doza.*

***Aly***

Croix Rouge Malagasy

## Andrasana izay ho Filoha Mpitantana

Mpikambana ao anatin' ny "Croix Rouge Malagasy" manerana ny Nosy no tonga eto Antsirabe hanatanteraka ny fivoriambe izay hanaovana ny fifidianana izay ho filoha nasionaly hitarika indray ity fikambanana ity. Ho fanokafana izany tamin'ny fomba ofisialy dia tonga nanome voninahitra izany teny an-toerana ny Préfet an' Antsirabe Ramatoa Andriatomponera Voahangy Harimino, ny talen'ny fandraharahana ankapobeny miadidy ny lafitany eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra Ramatoa Ramahandriarivo Fanja izay nisolotena ny Lehiben'ny Faritra, ny Talemparitry ny fahasalamambahoaka ary ny solontenan'ny Ben'ny Tanàna ambonivohitra Antsirabe. Maro ny asa sahanin'ny « Croix Rouge », isan' izany ny fampiroboroboana ny maha olona, ny fiahiana ny olona marefo ary ny fampiroboroboana ny mpilatsaka antsitra-po. Araka ny fantatra dia efa maherin'ny 100 tapitrisa ireo mpikambana sy mpilatsaka antsitra-po no mivondrona ao anatin'ny Croix Rouge manerana izao tontolo izao. Tafiditra tanteraka ao anatin'ny drafitra nasionaly ny fampandrosoana ny asa sosialy ataon'izy ireo, ka izany indrindra no nahatonga an-dRamatoa Préfet nankahery azy ireo amin'ny adidy iandraiketany. Isan'ny manampy tosika ireo mpikambana hatrany koa ny Faritra Vakinankaratra noho izy natao indrindra hisehatra amin'ny ara-tsosialy ny mponina. Marihana fa ny tapany hariva no hanatanterahana ny fifidianana andraisan'ireo mpikambana manerana ny Nosy anjara.

***Lezama***

Fikambanana AFHAM

## Nahazo tohana tamin'ny tahirim-bolam-panjakana

Mandray andraikitra eo amin'ny fiaraha-monina ary miasa amin'ny sehatra rehetra hanomana ny ho avy. "Ohatranao ihany izahay" io no teny fanevan' ity fikambanambehivavy ity izay miaro ny zon'ny vehivavy sy ny manana fahasembanana. Tsy vesatra ho an'ny fiaraha-monina ny manana fahasembanana fa vonona hijoro handray andraikitra sahaza azy. Miroborobo hatrany ny fikambanana AFHAM na ny "Association des femmes handicapées de Madagascar » eto Antsirabe. Amin'izao fotona izao dia mankalaza ny faha 5 taona nijoroany izy ireo. Noho izay antony izay dia maro ireo fikambanana hafa nanome fanampiana ho azy ireo ho tolo-tanana amin'ny asa fivelomany. Toy ny fanao isan-taona, izay voatsirambin'ny tanan'ny tsirairay dia natanteraka ny anjarany ny avy eo amin'ny tahirim-bolam-panjakana na ny « trésor » eto Antsirabe. Fitaovana ho entina miasa toy ny milina fanjairana sy ny kojakoja rehetra mety ho ilaina amin'izany no natolotra ireto farany ho an'ity fikambanana AFHAM ity. Antom-pisian'ity fikambanana ity ny fitaizana sy fampiroboroboana ny zon'ny vehivavy manana fahasembanana indrindra ny fanovana toetsaina. Nohamafisin'ny filohan'ny fikambanana AFHAM eto Vakinankaratra, Ralivaosoanirina Lolona Mamisoa fa ahatafita hafatra mitovy aminao ihany no tanjon'ny fikambanana. Satria efa hatsaraina hatrany ny lalàna mifehy ny fiarahamonina ho an'ny olona manana fahasembanana sy ny olona tsy manana fahasembanana misy eto Madagasikara. Efa niorina nandrita ny dimy taona teto Vakinankaratra ity fikambanana ity ary efa manerana ny Nosy ny fikambanana AFHAM. Tao amin'ny efitrano malalaky ny Faritra Vakinankaratra no tontosa ny fanoloran'ny solontenan'ny tale jeneralin'ny tahirim-bolampanjakana ireo fanomezana ho an'ity fikambanana ity, nahitana ireo avy ao amin'ny "perception" avy any Ambatolampy, Antanifotsy, Faratsiho, sy ireo delegasiona mafonja avy any Antananarivo indrindra fa ny ao amin'ny ireo tahirim-bolam-panjakana avy eto Antsirabe.

***Lezama***

**SARIITATRA:** *Saín-jaza maroroka tsy hítondra firenena*





Mpitandro filaminana sandoka

## Manendaka sy misava poketran'olona

Fantatra fa misy andian'olona izay misandoka ho mpitandro filaminana ary manararaotra manao asa fanendahana eny anivon'ny fiaraha-monina misy antsika eny hoy ny ao amin'ny polisim-pirenena. Toy izao no fomba fanaon'izy ireo :

Fomba voalohany:

1- Manao fanamiana mpitandro ny filaminana izy ireo,

2- Manakana taxi na koa misambotra olona amin'ny fomba tsy ara-dalàna, ary manararaotra manendaka.

Fomba faharoa:

1- Manao fanamiana mpitandro ny filaminana izy ireo,

2- Miditra anaty taxi-be,

3- Misava ny poketra sy kitapon'ireo mpandeha ary maka ireo entana izay sendra azy.

Ny tsara ho fantarina:

1- Ny mpitandro filaminana rehetra dia tokony hanana "Badge" eny ambozonany, misy ny mombamomba azy rehetra, ny Sampana izay misy azy na koa ny kaomisaria izay hiasany.

2- Ny mpitandro filaminana dia tsy manan-jo hisava na haka zavatra anaty poketran'olona. Raha sendra mahatsikaritra tranga mitovy amin'reo voalaza ireo isika, dia angatahina hiantso avy hatrany ny iray amin'ireo laharan-tariby izay voasoratra eto ambany:

Kaomisaria ANALAKELY: 034 05 998 28
Kaomisaria AMBOHIJATOVO: 034 05 517 28
Kaomisaria ANTANINANDRO: 034 05 517 29/034 05 998 32
Kaomisaria ISOTRY: 034 05 517 30
Kaomisaria MAHAMASINA: 034 05 998 36/034 07 517 16
Kaomisaria AMBOHIMANARINA: 034 05 517 12/034 05 998 38
Kaomisaria 67Ha: 034 05 517 13/034 05 998 40
Kaomisaria ANALAMAHITSY: 034 05 517 14/ 034 05 998 42.

***Ny Valosoa***



*Tandremo, misy misandoka polisy toy izao.*

Trafika

## Rongony 2 kitapo saron'ny polisy

Olona 4 indray no niakatra fampanoavana, ary ny roa tamin'ireo no nidoboka am-ponja, vokatry ny fivarotana sy fanaparitahana rongony teto Antsirabe. Tato ho ato, miparitaka ny rongony ka nahazo loharanom-baovao sy fitarainana avy tamin'ny mpiara-monina no nanokafan'ny polisy ny fanadihadiana, ka nahazoana izao vokatra izao. Rehefa voaporofo dia nandeha ny fisamborana nataon'ny polisy, ary olona 2 aloha no tratra niaraka tamin'ny kitapokely misy ireo rongony hamidy sy haparitaka eto Antrsirabe. Tsy ampoizina mihitsy, raha ny fanazavana hatrany, satria dia ireny kitapo babena toy ny fitondran'ny mpianatra ireny no efa feno rongony entin'izy ireo mandehandeha etsy sy eroa. Fetsy ireo mpanaparitaka ireto satria, eto andrenivohitra eto Antsirabe izy ireo no mipetraka, saingy dia manofa trano tany amin'ny fokontany iray somary efa tena lavitra an'Antsirabe izy ireo, ary any no tena misy ny mpamongady amin'io rongony io. Nisy ihany ny nampandre ireo olona tany amin'ilay toerana fanafenana ny entana, saingy haingana ny polisy, ka na saika handositra aza izy ireo, dia efa tratran'ny polisy ihany. Nandritra ity fotoana ity no nahasamborana olona 2 hafa indray, ary nahitana ihany koa ireo rongony 2 kitapokely. Efa nidoboka am-ponja ny 2 tamin'ireo, izay mpivady ihany saingy samy manao ity fivarotana zavamahadomelina ity. Olona roa hafa kosa no nahazo fahafahana vonjimaika.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**08/12/18 hatramin'ny 15/12/18**

- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/034 05 750 29

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 851-12-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MANJAKATOMPO ANKARATRA

# Hapetraka ny rafitra mpanara-maso ny valan-javaboahary

Hatsangana ny rafitra "COS" na ny "Comité d'Orientation et de suivi" hanao ny asa fanjohiana ny asa ho tanterahin'ny VIF ao anatin'ny valan-javaboahary ao Manjakatompo Ankaratra. Raha ny voalazan'ny didy aman-dàlana mifehy ny fitantanana ny valan-javaboahary voaaro, ny didim-panjakana laharana 2017 - 415 nivoaka ny 30 mey 2017 sy ny adinin-dalàna mifehy ny COAP ny laharana 2015-005 nivoaka ny 26 febroary 2015 dia aorian'ny fahazoana ny decret de création ny valan-javaboary voaaro iray dia tokony hipetraka avokoa ny fepetra rehetra mifandraika amin'izany, isan'izany ny rafitra COS. Nivory teto amin' ny biraon'ny foibem-paritra ny ala sy ny tontolo iainana ary ny zahavoary ireo mpikambana handrafitra ity COS ity. Raha ny voalazan'ny didy aman-dàlana dia ny Prefet sy ny talen'ny DREEF no mpitantana ny rafitra, mpikambana kosa ny avy ao amin'ny Faritra, ny fandrefesan-tany sy ny fananan-tany, ny avy ao amin'ny fambolena sy fiompiana, ny Ben'ny tanàna eny ifotony dia ny Maire ao Sabotsy Namatoana sy Tsiafajavona Ankaratra, ny avy ao amin'ny zandarimariampirenena, ny avy ao amin'ny Jono sy ny harena an-dranomasina, ary ny sampandraharahan'ny fanajariana ny tany. Manana tombony manokana ny foibem-paritry ny Ala sy ny tontolo iainana ary ny zahavoahary amin'ny fisian'ny mpiara-miombon'antoka misehatra tahaka itony araka ny namafisin'ny talem-paritry ny tontolo iainana sy ny ala ary ny Zahavoahary ramatoa Ratefason Tojotsara ho mora kokoa ny fanarahamason'ny toerana arovana. 8163 ha ny velaran'ny valan-javaboahary voaaro ao Manjakatompo Ankaratra. Misy "Espèce endémique" na biby atahorana ho lany tamingana toy ny tanalahy sy ny karazan-tsahona 2 ao amin'io toerana io. Izany indrindra no nahatonga ny tetikasa izay hiasan'ny VIF na ny Vondrona Ivon'ny Fampandrosoana. Aorian'izao fivoriana izao dia alefa any amin'ny Minisitry ny tontolo iainana sy ny Ala sy ny zahavoahary ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana teto, sy ireo mpanatrika mba hahafahana mamoaka fanendrena. Maro ny andraikitra miandry ny COS toy ny manome ny drafitra sy ny fitantanana amin'ny ankapobeny ny valan-javaboahary. Manara-maso ny fandrosoan'ny asa ataon'ny VIF, mandray anjara amin'ny fametrahana ny valan-javaboahary ao anatin'ny drafi-panajariam-paritra na ny drafipanajariana ny kaominina. Manamahefa amin' ny fampiatoana ny rafitra nahazo ny tetikasa amin'ny asany ny COS. Miisa 3 ankehitriny ny valan-javaboahary manana COS aty Vakinankaratra, dia ny valan-javaboahary Ibity, ny tandavan'Alan'i Marolambo, misy mahakasika antsika eto Vakinankartra, ary ity ao Manjakatompo Ankaratra ity.

***Lezama***

Rano fisotro madio

# Ahazo tombony manokana Antsirabe faharoa


Tonga nanatanteraka fitsidihana arapomba fifanajana ny mpitantana teto anivon'ny Faritra Vakinankaratra ny avy ao amin'ny Foibem-paritry ny rano , ny fidiovana sy ny fanadiovana tamin'ity herinandro ity, izay notarihin'ny tale miadidy izany departemanta izany Rakotonirina Rija Ramah. Nandray izany teto ny Sekretera jeneralin'ny Faritra Andriamatoa Rakotomahandry Thimotè sy ny tale miadidy ny fampandrosoana eto anivon' ny Faritra Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray ary ireo mpiara-miasa aminy. Anton'ny fihaonana teto ny fampahafantarana fa hahazo ny tetikasa "Rano Wash" ny Faritra Vakinankaratra, izay hatomboka ny fiandohan'ny taona 2019 izao. Araka ny fanazavan'izy ireo hatrany dia ny Distrikan'Antsirabe II no hanombohana izany, ka kaominina 8 no hosafidiana hametrahana ny tetikasa. Efa nisy ny antso natao ho an'ireo kaominina rehetra ao anatin'ny Distrikan'Antsirabe II, ka ho an'ireo izay vonona dia mamaly ny antso avy hatrany. Aorin'izay dia jerena izay kaominina mahafeno ny fepetra, izany hoe ireo izay vonona fa omena tombontsoa manokana ireo kaominina hita fa tena tsy manana rano fisotro madio. Tsy hijanona ho an'ny Distrikan'Antsirabe faharoa fotsiny izao tetikasa izao , santatra ihany eto Antsirabe faharoa fa mbola hitohy any amin'ny kaominina sy Distrika hafa. Tsiahivina fa Faritra 6 no hisitraka ny tetikasa "rano wash" izay vatsian'ny USAID vola, manomboka amin'io taona vaovao miditra io.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 263**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0262)


***Mitsivalana***

- Rivotra
- Savony
- Arivo (Miv) – la (Miv)
- Rà – Orana
- In – Tar(a)
- Nanahary
- Avy – Ao

***Mitsangana***

- Sorena
- Rava – Av
- Ivy – Iny
- Vorona
- Rano (Miv) – Ha
- Ti – Atao
- Rana (Miv)
- Hiraina (Miv)

## TENY MIFANARAKA N° 263




**Mitsivalana**

**1.** Manao ahoana **2.** Miantso – Mikoriana ao anaty (Miv) **3.** Niakatra, nandeha ambony **4.** Ohatra **5.** Hamonjy fianarana **6.** Tsofoka – Aia ? **7.** Ilaina – Menaka **8.** Asa amampanao **9.** Toetra ratsy – Marina (Miv) **10.** Olo-malaza fahiny

**Mitsangana**

**A.** Tsy manaiky **B.** Ambany – Hery sy tanjany (Miv) **D.** Sondrotra ambony – Toeram-pambolena (Miv) **E.** Dada – Tsy salama **F.** Leha – Ranom-bava (Miv) **G.** Fototenin'ny fahaizana – Solfa – Vizana **H.** Fanampin'Anarana – Tsirinteny **I.** Banky malaza – Kaontinanta **J.** Eny (Miv) – Ala tapaka – Renirano (BR) **K.** Eo @ vatana – Matoanteny (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0262

**Mitsivalana**

1 Taombaovao **2.** Anio – Iry **3.** Nalaina – Il **4.** To – Amboa **5.** Maimbo **6.** Roa – Taona **7.** Ady – Sigara (Miv) **8.** Namorona **9.** Ants(o) – Ma – Av **10.** Niav(o) – Dia

**Mitsangana**

**A.** Tanteraka **B.** Anao – Do (Miv) – NN **D.** Lio (Miv) – Mainty **E.** Maona – Osa (Miv) **F.** Maty (Miv) **G.** Moramanga (Miv) **H.** Ambaara **I.** Vy – Bongo **J.** Ario – Ainay **K.** Valio (Miv) – Sava


Fampihavanam-pirenena
25
Misokatra amin'ireo tsara sitrapo rehetra ho tombontsoan'ny firenena
Malagasy aloha
Tena vonona ny hanao ny fampihavanam-pirenena notadiavin'ny profesora Zafy Albert
Fifanarahana vita sonia
Marc RAVALOMANANA
25
TIM


KAPOAKAKO IO
25
FIDIO
25
Manome SAKAFO
ny Malagasy rehetra
Marc RAVALOMANANA
25
TIM